# TORITENY SABATA 10 MEY 2014
# ANDRO FANAMAFISANA NY ASA HO AN'NY FIARAHA-MONINA
# (LOZA VOAJANAHARY, MOSARY, ….)

## TIAVA NY NAMANAO TAHAKA NY TENANAO

### Loha-hevitry ny fanompoam-pivavahana : *Iza no namako ?*

Ny fitiavan'i Kristy ao amintsika dia hisy akony eo amin'ny fifandraisantsika amin'ny hafa. Ny ohatra tsara dia hanana ny akony mahasoa kokoa noho ny teny maro.

### Teny ho saintsainina anio :

« Tsy misy fanavakavahana ny amin'ny firenena, ny amin'ny firazanana, ny amin'ny foko izay eken'Andriamanitra. Izy no Mpamorona ny taranak'olombelona manontolo. Fianakaviana iray tamin'ny alalan'ny famoronan ny olombelona rehetra, ary iray koa noho ny fanavotana.

[…] Betsaka amin'izy ireny no tsy ho tratra raha tsy amin'ny asa feno fitiavana tsy mitady valiny. Izay ilainy eo amin'ny ara-nofo aloha no tokony ho karakaraina […] Rehefa hitany mazava ny fitiavantsika tsy miharo fitiavan-tena dia ho moramora kokoa ho azy ny mino ny fitiavan'i Kristy" - - EGW, *Henoinareo ny Fanoharana, p. 340*

### Toko sy andininy ao amin'ny Baiboly

Lioka 10.25-35

### Drafitry ny toriteny

**A. FAMPIDIRANA**

1. Fanontaniana iray manan-danja indrindra ho antsika tsirairay anio - Lioka 10.25
2. Mandray am-po ny ahiahin'Andriamanitra ary manampy ny namantsika, eo amin'ny lafiny ara-nofo sy ara-panahy
3. Maneho ny fifandraisan'ny finoantsika sy ny asantsika. - Lioka 10.29

**B. NY FANOHARANA MOMBA NY SAMARITANA TSARA FANAHY -** Lioka 10.33-35

**D. FIVAVAHANA MARINA SY DISO**

1. Lioka 10.30-35
2. Manan-danja kokoa ny maneho ohatra tsara noho ny manao lahateny. – *Henoinareo ny Fanoharana, p. 337*

**E. IZA NO NAMAKO ?**

1. Lioka 10.29 ; 36.37
2. Ireo manodidina antsika mila fanampiana. - *Henoinareo ny Fanoharana, , p. 340-341*

**F. MANAMPY NY SAHIRANA, TOMBON-TSOA SY ADIDY.**
Mikarakara ny taranak'olombelona mba hifandray amin'Andriamanitra. - *Henoinareo ny Fanoharana, p. 338-339.*

**G. SARY FANAZAVANA**
1. Mitanisà ohatra avy amin'ny fanandramanao manokana
2. *« Hianareo no fahazavan'izao tontolo izao ».* Àny Terre-neuve, dia nanome vola ny Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito ny fitondram-panjakana mba hametraka fanaovan-jiro eo ambonin'ny lakolosy teo amoron-dranomasina. Ao amin'ny alina maizina dia hitarika ireo sambo eo amin'ny moron-dranomasina be vato io fahazavana io. Tsara ny hanampian'ny fiangonana advantista amin'ny fomba toy izany eo amin'ny famonjana ain'olona.

Irin'Andriamanitra raha ny fiangonana tsirairay, ny mambra tsirairay no ho fahazavana hamirapiratra ho Azy, ... kanefa tsy voatery hando vola ho azy ireo Izy ! « Hianareo no fahazavan'ozao tontolo izao» hoy Izy, ary ampiany hoe : « Aoka hazava eo imason'ny olona toy izany koa ny fahazavanareo, mba hahitany ny asa soa ataonareo ka hankalazany ny Rainareo Izay any an-danitra. »

**H. FAMINTINANA**
1. Raiso ho fototry ny famintinana ataonao ireo teny nalaina tao amin'ny *Henoinareo ny Fanohana _p. 340-341.*